# Ilay Voa Tsara Nafafy 04 Desambra 2018

**Anio no tonga eto amin'ity trano ity ny famonjena.** Lioka 19. 9

**Enga anie ka hohenoinareo anio ny feony manao hoe : Aza manamafy ny fonareo.** Salamo 95. 7, 8

## Anio ihany

*Ny fiainako dia mihelina ihany, fotoana kely mandalo,*
*Ny fiainako dia andro iray ihany izay tsy voatazoko,*
*fa lasa mandositra.*
*Fantatrao, Andriamanitro ô ! fa tsy manana afa-tsy ny anio aho*
*Itiavako Anao etỳ an-tany.*

*Anio*, izany no tenin'ny fahasoavana. „Midìna faingana, fa tsy maintsy mitoetra ao an-tranonao Aho anio", hoy Jesosy tamin'i Zakaiosy ; koa dia nampiantrano an'i Jesosy tam-pifaliana i Zakaiosy (Lioka 19. 5-6).

Mbola miantefa amintsika tsirairay ankehitriny koa, izany fitaoman'i Jesosy hahafantatra Azy sy hifandray aminy izany. Te hifandray amintsika Izy anio, te hampahafantra fa Izy no Ilay Mpamonjy, Izy no mamonjy antsika amin'ny ratsy ka manafaka antsika amin'ny fahamelohana rehetra. Ary raha mpino aho, dia anio no fotoana tian'i Jesosy hiarahako misakafo aminy (Apokalypsy 3. 20), izany hoe tiany hanomezana ho ahy ny fifaliana ateraky ny fanatrehany. Anio koa Jesosy no manan-kolazaina amiko. Izy irery no mahafantatra ny foko, ary rehefa miantso ahy Izy, dia izay no fotoana hihainoako ny feony, izay no fotoana hamelako ny tenako hidiran'ny hafatra entiny, izay no fotoana hankatoavako Azy am-pifaliana amin'ny fanompoako Azy. „Anaka, andeha miasa any amin'ny tanimboaloboko anio" (Matio 21. 28).

*Anio, mandalo ny Mpamonjy ;*
*Aza manantena ny ampitso.*
*Anio no androm-pahasoavana :*
*Jereo fa manolotra ny tanany aminao Izy.*
*Mihelina ny andro, manidina ny ora,*
*Sokafy ho an'i Jesosy ny fonao,*
*Ankatoavy ny teniny ;*
*Faingàna àry, aza mangataka andro intsony !*